



**London, 8 Septambra 2022**. *« Nodimandry teo amin'ny faha-96 taonany ny Mpanjakavavy Elizabeth II, mpanjakan'ny Royaume-Uni (United KIngdom) ary Lehiben'ny Commonwealth »*, hoy ny nambaran'ny ao amin’ny Lapan'i Buckingham.




*« **Nandao antsika am-pilaminana tao Balmoral androany tolakandro ny** Mpanjakavavy »*, hoy ilay fanambarana.

Avy hatrany dia nilomay nanatona azy ny fianakaviany akaiky, anisan'izany ireo zanany lahy sy ny handimby azy mivantana, dia zanany lahy, ny Printsy Charles izany, izay nanao fanambarana fotoana fohy taorian'ny nivoahan'ny vaovao momba ny fahafatesan'ny reniny.



**Izy no Mpanjaka Charles faha-III nanomboka ny andron'ny 8 Septambra 2022**

*« Ny fahafatesan'ny reniko malala, “Her Majesty The Queen”, dia fotoana iray tena mampalahelo ahy sy ny fianakaviako rehetra. Misaona lalina izahay noho ny fahalasanan'ny Mpitondra hajaina sy Reny tena tiana. Fantatro fa hitondra alahelo lalina maneran’ireo firenena ao amin’ny Royaume-Uni sy ny Commonwealth, ary koa ho an’ny olona tsy tambo isaina manerana izao tontolo izao ny famoizana azy ».* Manomboka izao dia Mpanjaka Charles Fahatelo no fiantsoan’ny vadin’i Lady Diana teo aloha... 74 taona ny lehilahy izao mandimby an’ny reniny izao...




Ny talata 6 septambra 2022 teo, ny Mpanjakavy Elizabeth II dia nandray an’i Ramatoa Liz Truss, izay Praiminisitra vehivavy fahatelo teo amin'ny tantaran'ny britanika,taorian’i Margaret Thatcher sy Theresa May. Natao tao amin'ny tranony ao Balmoral, any Ecosse ny famindram-pahefana teo amin'i Boris Johnson, Praiminisitra nametra-pialana, sy ny mpitarika vaovaon'ny Antoko Conservateur, nandimby azy.



Buckingham Palace, Jona 1961. Ankavia miankavanana eo amin'ny sary : ny Printsy Philip Mountbatten; First Lady Jacqueline Kennedy; Ny Mpanjakavavy Elizabeth II; John F. Kennedy, Filohan'ny Etazonia.
(Sary : John F. Kennedy Presidential Library and Museum/NARA)



Ny Mpanjakavavy Elizabeth II sy Peter Phillips, zafikeliny voalohany. Sary nalain'ny Lord Snowdon (Antony Armstrong-Jones) tamin'ny taona 2018. Rehefa niamboho izy, ny 8 Septambra [illegible]










The Queen reigns but does not rule
The person of the ruler is the living symbol of the crown, but the Queen can only act on the advice of ministers, namely the government of the day led by the Prime Minister. She gives her consent to bills prepared by her ministers (last veto by ruler in 1708).